



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-12 EX

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY TOLO-DALANA LAHARANA FAHA-001-2019/PR « MODIFIANT ET COMPLETANT CERTAINES DISPOSITIONS DE LA LOI N°2011-013 DU 9 SEPTEMBRE 2011 PORTANT STATUT DE L'OPPOSITION ET DES PARTIS D'OPPOSITION, PRESENTEE PAR LE DEPUTE RAZAFINTSIANDRAOFA JEAN BRUNELLE, VICE-PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE ».

Fivoriana faha-5
Natao ny
Alarobia 21 Aogositra 2019
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré
- Ramatoa ANGELE Solange

FOTOANA: Alarobia 21 Aogositra 2019 tamin'ny 3 ora sy 55 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny tolo-dalàna laharana faha-001-2019/PR « modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2011-013 du 9 Septembre 2011 portant Statut de l'Opposition et des partis d'opposition, présentée par le Député RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Vice-Président de l'Assemblée Nationale ».

Nitohy ny Alarobia 21 Aogositra 2019 tamin'ny 3 ora sy 55 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohany no nitarika izany

Rehefa avy nanambara ny fitohizan'ny fivoriana sy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatontosa izany, Ramatoa ANGELE Solange.

Taorin'izay, nampita hafatra tamin'ny Solombavambahoaka, Ramatoa Filoha; nambarany fa ho an'ireo mbola tsy nahavita ny « validation de l'adresse e-mail », iangaviana mba handalo ao amin'ny « Service des Relations avec le Parlementaire » na SRP ao amin'ny rihana voalohany, hanome izany.

Ho an'ny Solombavambahoaka mbola tsy nahafeno ny « fiche individuelle » kosa, iangaviana handalo ao amin'ny « Service des Affaires Générales » na ao amin'ny AG, rihana voalohany hatrany, mba hanatitra izany ihany koa.

Taorian'izay, notsiahiviny ny votoatin'ny fandaharam-potoana ary nomeny ny Mpampakateny avy hatrany ny fitenenana mba hitondrany ny tatitry ny asam-baomiera momba ny tolo-dalàna laharana faha-001-2019/PL.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore no namaky ny tatitra, ka toy izao izany:

Nivory ny Talata faha-20 Aogositra 2019 tamin'ny 11 ora sy 50 minitra, atoandro; nitohy ny tolak'andro tamin'ny 4 ora sy 30 minitra, ny Vaomiera mitambatra, niarahan'ny Vaomieran'ny Lalàna sy ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2019/PL manova sy mameno ny fepetra sasantsasan'ny lalàna laharana faha-2011-013 tamin'ny 9 Septambra 2011 mikasika ny Satan'ny Mpanohitra sy ny Antoko Mpanohitra.

Andriamatoa IDEALSON, Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana amin'ny Vaomiera mitambatra tonga nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMANJATO Liantsoa R.
2. ANDRIANANDRASANA Norbert
3. ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
4. ANGELE Solange
5. EDIZARD
6. IDEALSON
7. JOHASY RAHARISOA Eléonore
8. MAMIZARA Yasmirah Loeticia
9. NASIRA Julien
10. PEPIN Michou
11. RABENARY Jean
12. RABENIRINA Maminiaina S
13. RAFENOMANANTSOA Aina
14. RAFIDIMANANA Narson
15. RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
16. RAHOLDINA NAIVO
17. RAKOTOMALALA Miarintsoa A.
18. RAMANANA RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
19. RAMBOASALAMA Emilien
20. RASOAZANANERA Marie Monique
21. RASOLOMANANA Beby Olivier
22. RATSIMANDRIONA Aïda Hardy
23. RAVENASY Jean Emanierson
24. RAZAFIMANANTSOA Hanitriniaina
25. VELOMAHAZO Patrice
26. VELONTSARA Paul Bert
27. VONINAHITSY Jean Eugène

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana:

1. HENRI Jean Michel
2. RALAMBOMANANA Fenohéritsoa
3. RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona Fetra
4. TSARADIA Marco
5. RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges
6. RASOLONJATOVO Honoré
7. RANDRIANANTENAINA Olivier Antony José
8. RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle
9. RANDRIAMBOLAINA Gerry

Ireto avy ireo teknisiana nisolotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RAZAFIMAHEFA Tianarivelo
2. RASOLOMAHOLY RAKOTOZAFY Célestin
3. RAKOTONANAHARY Jean Yves Ravo
4. RAKOTOARISOA Sainanirina
5. RAKOTONDRAJERY RANDRIANARISOA Salohy
6. RAKOTONIRINA Vololoniaina
7. RAMINOHARIMALALA Lisy

Min/MID

A- FANKATOAVANA NY FAHAZOANA MANDRAY ARAKA NY LALANA (examen de recevabilité)

Rehefa avy niarahaba ny mpivory sy naneho ny fialan-tsiny noho ny fahataran'ny fanombohan'ny fivoriana Andriamatoa Filoha dia niroso avy hatrany tamin'ny fankatoavana ny fahazoana mandray araka ny lalàna (examen de recevabilité) mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2019/PL **manova sy mameno ny fepetra sasantsasan'ny lalàna laharana faha-2011-013 tamin'ny 9 Septambra 2011 mikasika ny Satan'ny Mpanohitra sy ny Antoko Mpanohitra** ny Biraon'ny Vaomiera.

Araka ny andininy faha-111 ao amin'ny Fitsipika Anaty: "Ireo tolo-dalàna sy ny fanapahan-kevitra atolotry ny Solombavambahoaka dia apetraka sy dinihan'ny Fivorian'ny Filoha rehefa nakana ny hevity ny Biraon'ny Vaomiera araka ny Lalàna izay manapaka eo anatrehan'ny (na ireo) nanao ny tolo-dalàna, ankoatr'ireo fepetra tsy maintsy ampiharan'ireto farany ny andininy faha-86 andalana faha-6 sy faha-7 ary ny andininy faha-95 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

Raha toa ka mazava ny tsy fahazoa-mandray azy ireo araka ny hevity ny andininy faha-86 andalana faha-6 sy faha-7 ary ny andininy faha-95 ao amin'ny Lalàmpanorenana, ny fametrahana izany dia lavina".

Taorian'ny fandinihana dia nankatoavin'ny Biraon'ny Vaomiera ny fahazoana mandray araka ny lalàna ny tolo-dalàna (**Jereo tovana I**).

B- FANDINIHANA NY TOLO-DALANA

Rehefa vita izay dia niroso tamin'ny fandinihana ny tolo-dalàna ny Vaomiera.

Natolotra avy hatrany an'Andriamatoa Filoha Lefitry ny Faritanin'i Fianarantsoa ny fitenenana mba hanomezany fanazavana mikasika ny tolo-dalàna.

I- Famelabelarana ny Tolo-dalàna

Nambaran'Andriamatoa Filoha Lefitra tamin'izany fa:

1. tsy zava-baovao ity tolo-dalàna ity, fa fanatanterahana ny voalazan'ny Lalàmpanorenana ao amin'ny andininy faha-14, andalany faha-6, tamin'ny 9 Septambra 2011, mikasika ny fanoherana.
2. efa nisy ny lalàna laharana faha-2011-013 tamin'ny fotoanan'ny Kongresin'ny Tetezamita, mametraka ny toeran'ny mpanohitra. Ny volana Febroary 2014 taorian'ny fifidianana Solombavambahoaka tamin'ny Desambra 2013 dia tsapa fa nisy fahabangana io lalàna io, ka nangatahana ny hevity ny HCC tamin'ny alalan'ny Praiminisitra tamin'izany fotoana izany, nivoaka tamin'izany ny "avis" voalohany laharana faha-04 tamin'ny 17 Septambra 2014.
3. hita sy tsapa anefa fa mbola tsy tafapetraka ihany ny sehatra mazava tokony hisy ny mpanohitra eto amin'ny tany sy ny firenena, ka nahatonga ny Filohan'ny Antenimierampirenena tamin'ny Antenimierampirenena voalohany ho an'ny Repoblika faha-IV, nanao fakan-kevitra fanindroany mikasika an'io lalàna voalaza etsy ambony io. Nivoaka tamin'izany ny "avis" faharoa laharana voalohany tamin'ny 12 Janoary 2017, izay nilaza fa ny fanoherana dia miainga avy ao amin'ny Antenimierampirenena ary nasongadin'Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena, fa ny fahabangana misy eo amin'ny lalàna laharana faha-2011-013 no nanosika azy nanao ity tolo-dalàna ity mba hametrahana ny fanoherana araka ny lalàna sy eken'ny rehetra. Mbola nasongadiny ihany koa fa ny fahefana rehetra dia miainga amin'ny fifidianana irery ihany; ka nofaritany ny hoe: Parlemantera no Filoha hisahana ny asa fanoherana eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

Taorian'izay dia natolotr'Andriamatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna an'Andriamatoa Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ny fitenenana mba hitondrany ireo fanamarihana izay notapahana tany amin'ny Filankevitry ny Governemanta.

Ireto avy ny andininy nitondran'Andriamatoa Minisitry fanazavana:

Andininy faha-2, andalana voalohany, tsipika voalohany: fanatsarana no natao.

Andininy faha-2, andalana voalohany, tsipika faharoa;

fanatsarana no natao satria tsy voapetraka ny "opposition";

Andininy faha-2, andalana faha-2;

Andininy faha-6, andalana faha-2;

Andininy faha-9, andalana faha-2 sy faha-3;

Andininy faha-16, andalana faha-2, tsipika voalohany, faharoa, fahaefatra ary fahadimy;

Andininy faha-17: nofoanana;

Andininy faha-19:

Andininy faha-20, andalana voalohany, tsipika voalohany sy faharoa.

Any amin'ny farany no ahitana NY SISA TSY MISY FIOVANA, eo amin'ny Andininy faha-2 dia nofoanan'ny Filankevitry ny Governemanta ny fetra ahafahana manaparitaka izany lalàna izany (publication de la promulgation), raha toa ka 30 andro no fetra voalaza tao amin'ny tolo-dalàna.

Nasongadin'Andriamatoa Minisitry fa mba hanamorana ny hevitra ara-drafitra sy ny fitodiky ny fehezan-teny ary ny famakiana ny tolo-dalàna no nanaovana izany rehetra izany.

Taorian'izany dia nampanjakan'Andriamatoa Filoha mandritry ny fivoriana ny fahalalahana tanteraka eo amin'ny adihevitra:

- 1- Nisy Solombavambahoaka nilaza ny fomba fijeriny sy ny hetahetany eo amin'ny fampiharana antsakany sy andavany ny lalàna laharana faha-2011-013 ary noantitranteriny ny antony tsy nisian'ny "texte réglementaire" hanamarihana na azo raisina na tsia io lalàna io kanefa azo lazaina fa azo ampiharina io lalàna io satria amin'ny alalany no nahafahana nametraka atontan-taratasy teny amin'ny Minisiteran'ny Atitany sy Fitsinjaram-pahefana mikasika ny antoko politika mpanohitra ara-dalàna.
- 2- Nisy koa Solombavambahoaka nanamarika fa tokony hatao amin'ny fiteny Malagasy ny lalàna hodinihana eto amin'ny Antenimierampirenena satria natao ho an'ny Vahoaka Malagasy ny lalàna lany ato fa tsy ho an'ny Antenimierampirenena irery ihany. Ary voalaza tamin'izany fa ny lalàna lany rehetra dia natao hifehy ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara.
- 3- Nambaran'ny Solombavambahoaka ihany koa fa nanana an'ilay antsoina hoe "volonté politique" no nanaovana izao Tolo-dalàna izao mba hanehoana ny taratry ny demokrasia eto amintsika sy mba hisian'ny lalàna velona sy mari-pototra.
- 4- Nambaran'ny Solombavambahoaka fa ny "avis" roa navoakan'ny HCC mikasika ny lalàna laharana faha-2011-013 dia samy manasongadina ny tokony hisian'ny mpanohitra anaty sy ivelan'ny Antenimierampirenena (opposant parlementaire et opposant extraparlémentaire).
- 5- Nisy ireo Solombavambahoaka nangataka ny hamaritana mazava tsara ny sata mifehy araky ny lalàna ny fanoherana ivelan'ny Antenimierampirenena (opposition extraparlémentaire). Nisy anefa ny nanamarika fa hiteraka olana ny fisian'ny mpanohitra ivelany sy anatin'ny Antenimierampirenena, mety ho olana eo amin'ny mitovy firehan-kevitra politika na tsia anefa izany.
- 6- Tsapa koa anefa fa manahirana raha ny olona izay tsy voafidy no hifehy ireo olom-boafidy ato anatin'ny Antenimierampirenena, ka mila fandinihana lalina ny mikasika izany sy ny fanatanterahana azy; na izany aza, tsy nisy ny fanilihana ny mpanohitra any ivelany fa fametrahana "cadre légal et institutionnel" no antony mahatonga ny tolo-dalàna mametraka ny fiaingan'ny fanoherana avy ato anatin'ny.
- 7- Nambaran'ny Solombavambahoaka fa ny Lalàmpanorenana dia manome antoka (garant) raha manao fanoherana ivelany, ka tsy tokony hisy intsony famaritana ato amin'ny lalàna.
- 8- Nambaran'Andriamatoa Filoha Lefitra anefa fa parlemantera no mpanohitra ofisialy ary ny vondrona mpanohitra rehetra dia manotrana azy avokoa mba ahafahana mametraka lamina sy arofanina amin'izay mety ho fibiriokan'ny asa fanoherana eto Madagasikara.

- 9- Nisy Solombavambahoaka nanome soso-kevitra mba hisian'ny Filohan'ny mpanohitra anatin'ny Antenimierampirenena sy Filoha hafa ho an'ny mpanohitra ivelan'ny Antenimierampirenena fa tsy afaka hifampifehy izy ireo.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandinihana isan'andiny ny vaomiera.

II- Fandinihana isan'andiny

Andininy faharoa (vaovao):

Nanapakevitra ireo Solombavambahoaka, fa ny fanovàna avy amin'ny Governemanta no noraisina ary nampidirina ny hoe "opposition parlementaire" sy "opposition extraparlimentaire"; izany hoe ny sokajin'ny mpanohitra hita eto amin'ny tany sy ny Firenena.

LOHATENY FAHAROA

Nasiana ny fanovàna izany mba hampafonja ny hevitra.

Andininy faha-5(vaovao): nontsidriana fa Filoha iray ihany no mitarika ny fanoherina ivelany sy anatin'ny Antenimierampirenena.

Andininy faha-6 (vaovao): noraisina ny fanovàna nataon'ny Governemanta.

Andininy faha-7: nekena ny fanafoanana.

Andininy faha-8 (vaovao): tsy nahitana fanankianana.

Andininy faha-9: noraisina ny fanovàna nataon'ny Governemanta ary nampiana «majorité absolue».

Andininy faha-15 (vaovao): tsy nahitana fanankianana.

Andininy faha-16 (vaovao): noraisina ny fanovàna nataon'ny Governemanta.

Andininy faha-17 (vaovao): noraisina ny fanafoanana nataon'ny Governemanta.

Andininy faha-19 (vaovao): noraisina ny fanovàna nataon'ny Governemanta ka narahim-panitsiana izany ary nofoanana ny andalana faharoa.

Andininy faha-20 (vaovao): noraisina ny fanovàna nataon'ny Governemanta.

Andininy faha-23 (lalàna laharana faha-2011-013): naroson'Andriamatoa Filoha Lefitra, ny tokony ho fanatsarana ao amin'io andininy io momba ny fisian'ny adihevitra eo amin'ny Filohan'ny mpanohitra ofisialy sy ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta. Tapaka tao amin'ny asam-baomiera ny fametrahana izany ao amin'ny tolo-dalàna izay ahafahana mitaratra avy hatrany ny fahalalahan'ny demokrasia.

Andininy faha-24 (vaovao): tsy nahitana fanamarihana.

Ny sisa tsy misy fiovàna: noraisin'ny Vaomiera ny voalaza tao amin'ny tolo-dalàna fa ny andininy faharoa ihany no nasiam-panovàna, ka noferana ho telo (3) volana ny fe-potoana amoahana ny «texte réglementaire».

III-FANDANIANA NY TOLO-DALANA

Famelabelarana ny antonantony: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna **(jereo tovana III)**

I-Fandaniana isan'andiny

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandaniana isan'andiny ny Vaomiera.

LOHATENY VOALOHANY:

Andiny voalohany: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andiny faha-2(vaovao): lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna **(jereo tovana II)**

Andiny faha-3 ka hatramin'ny andiny faha-4: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

LOHATENY FAHAROA: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna **(jereo tovana II)**

Andiny faha-5 (vaovao): lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna **(jereo tovana II)**

Andiny faha-6 (vaovao): lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Andiny faha-7: lany ny fanafoanana.

Andiny faha-8 (vaovao): lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andiny faha-9: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Andiny faha-10: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

LOHATENY FAHATELO: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andiny faha-11 ka hatramin'ny andiny faha-14: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andiny faha-15 (vaovao): lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna **(jereo tovana II)**.

LOHATENY FAHAEFATRA: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

TOKO VOALOHANY: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

SAMPANA VOALOHANY: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andiny faha-16 (vaovao): lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna **(jereo tovana II)**.

Andiny faha-17 (vaovao): nofoanana

Andiny faha-18: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

SAMPANA FAHAROA: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andiny faha-19 (vaovao): lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna **(jereo tovana II)**

TOKO FAHAROA: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

SAMPANA VOALOHANY: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andiny faha-20 (vaovao): lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna **(jereo tovana II)**.

SAMPANA FAHAROA: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-21 ka hatramin'ny faha-22: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

LOHATENY FAHA-V: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-23: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna;

LOHATENY FAHA-VI: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-24 (vaovao): lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna **(jereo tovana II)**.

Andininy faha-25 ka hatramin'ny faha-26: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

IV-Fandaniana ankapobeny

Nolanin'ny Vaomiera mitambatra tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny tolo-dalàna laharana faha-001-2019/PL **manova sy mameno ny fepetra sasantsasan'ny lalàna laharana faha-2011-013 tamin'ny 9 Septambra 2011 mikasika ny Satan'ny Mpanohitra sy ny Antoko Mpanohitra.**

Nifarana tamin'ny 7 ora sy 45 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

TOVANA I

DEUXIEME LEGISLATURE DE LA QUATRIEME REPUBLIQUE PREMIERE SESSION EXTRAORDINAIRE

Année 2019

COMMISSION JURIDIQUE

Avis du bureau de la Commission sur:

La Proposition de Loi n°01-2019/PL «**modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n° 2011-013 du 09 septembre 2011 portant statut de l'opposition et des partis d'opposition**».

Présentée par le député **RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle**, Vice-président de l'Assemblée Nationale.

Mardi 20 août 2019

En application de l'article 111 du Règlement intérieur de l'Assemblée Nationale:

«Les propositions de loi et de résolution présentées par les députés sont déposées et examinées par la Conférence des Présidents après avis du Bureau de la Commission Juridique statuant en présence du ou des auteurs des propositions, à l'exception des dispositions faisant application à ces dernières des articles 86 alinéas 6 et 7 et 95 de la Constitution.

Lorsque leur irrecevabilité au sens des articles 86 alinéas 6 et 7 et 95 de la Constitution est évidente, le dépôt en est refusé»,

Le bureau de la Commission Juridique, représenté par son Président, s'est réuni le mardi 20 août 2019 à 11 heures 45 minutes du matin dans la salle de réunion du Bureau Permanent de l'Assemblée Nationale pour donner son avis sur la:

Proposition de Loi n°01-2019/PL «**modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2011-013 du 09 septembre 2011 portant statut de l'opposition et des partis d'opposition**».

Ont assisté à cette réunion,

Mesdames et Messieurs les députés:

1. ANDRIAMANJATO Liantsoa R.
2. ANDRIANANDRASANA Norbert
3. IDEALSON
4. JOHASY RAHARISOA Eléonore
5. MAMIZARA Yasmirah Loeticia
6. PEPIN Michou
7. RABENIRINA Maminiaina S
8. RAFENOMANANTSOA Aina
9. RAFIDIMANANA Narson
10. RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
11. RAHOLDINA NAIVO
12. RAKOTOMALALA Miarintsoa A.
13. RAMBOASALAMA Emilien
14. RASOAZANANERA Marie Monique
15. RATSIMANDRIONA Aïda Hardy
16. RAVENASY Jean Emanierson
17. RAZAFIMANANTSOA Hanitriniaina
18. VELOMAHAZO Patrice
19. VELONTSARA Paul Bert
20. VONINAHITSY Jean Eugène

Après examen, le Bureau de la Commission Juridique déclare Proposition de Loi n°01-2019/PL «**modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n° 2011-013 du 09 septembre 2011 portant statut de l'opposition et des partis d'opposition**».

La séance est levée à 12h 15mn.

Le Président de la Commission Juridique

TOVANA II

Version originale	Version amendée
<p>Exposé des motifs : 1^{er} paragraphe : Le droit à l'opposition est reconnu par la constitution en son article 14 alinéa <u>6</u> qui dispose que « Après chaque élection législative, les groupes politiques d'opposition désignent un Chef de l'opposition »</p>	<p>Exposé des motifs : 1^{er} paragraphe : Le droit à l'opposition est reconnu par la constitution en son article 14 alinéa 5 qui dispose que «la Constitution garantit le droit d'opposition démocratique».</p>
<p>Article 2</p> <ul style="list-style-type: none"> - Est considéré comme parti d'opposition, au sens de la présente loi, tout parti politique : - légalement constitué ou groupe de partis politiques légalement constitué qui développe pour l'essentiel des positions et des opinions différentes de celles du Gouvernement ; - ayant fait l'objet d'une déclaration officielle et publique et doit être enregistrée au Ministère chargé de l'intérieur <p>Est considéré comme opposition parlementaire, au sens de l'article 14 de la Constitution le ou les groupes parlementaires qui développent des positions et des opinions différentes de celles du Gouvernement.</p> <p>La création d'un groupe parlementaire et la déclaration d'appartenance à l'opposition parlementaire s'effectuent suivant les procédures fixées par le règlement intérieur de l'Assemblée Nationale.</p>	<p>Article 2 (nouveau)</p> <p>Est considéré comme parti d'opposition, au sens de la présente loi, tout parti politique légalement constitué ou groupe de partis politiques légalement constitué avant les élections législatives qui développe pour l'essentiel des positions et des opinions différentes de celles du Gouvernement; ayant fait une déclaration officielle et publique d'opposition enregistrée au Ministère chargé de l'intérieur.</p> <p>Est considéré comme opposition parlementaire, au sens de l'article 14 de la Constitution le ou les groupes parlementaires au sein de l'Assemblée Nationale qui développent des positions et des opinions différentes de celles du Gouvernement.</p> <p>Est considéré comme opposition extra-Parlementaire, tout parti politique légalement constitué qui développent des positions et des opinions différentes de celle du Gouvernement mais n'ayant pas de représentant au sein du Parlement.</p> <p>La création d'un groupe parlementaire et la déclaration d'appartenance à l'opposition parlementaire s'effectuent suivant les procédures fixées par le règlement intérieur de l'Assemblée Nationale.</p>
<p style="text-align: center;">TITRE II DE L'ORGANISATION ET DU FONCTIONNEMENT DE L'OPPOSITION <u>PARLEMENTAIRE</u></p>	<p style="text-align: center;">TITRE II DE L'ORGANISATION ET DU FONCTIONNEMENT DE L'OPPOSITION</p>
<p>Article 5 - L'opposition <u>parlementaire</u> est dirigée par un Chef de l'opposition officiel. <u>Il</u> dirige la principale force d'opposition ou les forces d'opposition au sein de l'Assemblée Nationale. Il bénéficie de tous les droits et avantages d'un Vice-président de l'Assemblée Nationale.</p>	<p>Article 5 (nouveau) - L'opposition qu'elle soit parlementaire ou extra- parlementaire est dirigée par un Chef de l'opposition officiel lequel dirige la principale force d'opposition ou les forces d'opposition au sein de l'Assemblée Nationale. Il bénéficie de tous les droits et avantages d'un Vice-président de l'Assemblée Nationale.</p>

<p>Article 6 – A défaut d'accord, le chef du groupe parlementaire formé par le parti politique d'opposition légalement constitué avant les élections législatives et ayant obtenu le plus grand nombre de députés lors du vote au titre desdites élections est considéré comme Chef de l'opposition.</p>	<p>Article 6 (nouveau) -Le chef de l'opposition parlementaire formé par le parti politique d'opposition ou le groupe de partis politiques légalement constitué avant les élections législatives et ayant obtenu le plus grand nombre de députés lors du vote au titre desdites élections est considéré comme Chef de l'opposition.</p>
<p>Article 9 - Le mandat du Chef de l'opposition officiel coïncide avec celui des députés. Toutefois, si le Chef de l'opposition officiel n'assure pas pleinement son rôle, il peut encourir une destitution à la demande <u>de trois quarts</u> des députés de l'opposition par le procédé d'un vote secret. Il est procédé à la désignation d'un nouveau Chef de l'opposition une fois que le Chef de l'opposition en exercice est destitué. A cet effet, les dispositions de <u>l'article 5</u> de la présente loi sont applicables.</p>	<p>Article 9 (nouveau) Le mandat du Chef de l'opposition officiel coïncide avec celui des députés. Toutefois, si le Chef de l'opposition officiel n'assure pas pleinement son rôle, il peut encourir une destitution à la demande de la majorité absolue des députés de l'opposition par le procédé de vote secret</p> <p>Il est procédé à la désignation d'un nouveau Chef de l'opposition une fois que le Chef de l'opposition en exercice est destitué ou décédé A cet effet, les dispositions de l'article 6 de la présente Loi sont applicables</p>
<p>Article 16 - Le Chef de l'opposition officiel représente l'opposition pour la bonne marche de la représentation démocratique. Pour l'effectivité de cette fonction de représentation, les droits suivants sont reconnus au Chef d'opposition officiel :</p> <ul style="list-style-type: none"> - le droit <u>à la couverture médiatique des manifestations liées à l'accomplissement de sa mission conformément à la présente loi</u> ; - le droit de prendre la parole pour une durée de quinze minutes lors des sessions réservées aux questions au Gouvernement ; - <u>le droit d'avoir un rang protocolaire équivalent à celui de Vice-Président de l'Assemblée Nationale</u> ; - le droit de recevoir ou d'être reçu par les missions diplomatiques accréditées à Madagascar et les personnalités étrangères en visite à Madagascar ; - le droit de participer aux missions intérieures et extérieures qu'exige le travail parlementaire ; 	<p>Article 16 (nouveau) Le Chef de l'opposition officiel représente l'opposition pour la bonne marche de la représentation démocratique. Pour l'effectivité de cette fonction de représentation, les droits suivants sont reconnus au Chef d'opposition officiel :</p> <ul style="list-style-type: none"> - le droit à l'accès aux médias publics dans l'accomplissement de sa mission conformément à la présente loi ; - le droit de prendre la parole pour une durée de quinze minutes lors des sessions réservées aux questions au Gouvernement ; - Supprimé - - le droit de recevoir ou d'être reçu par les missions diplomatiques accréditées à Madagascar et les personnalités étrangères en visite à Madagascar ; - le droit de participer aux missions intérieures et extérieures qu'exige le travail parlementaire;

<ul style="list-style-type: none"> - <u>le droit de proposer la nomination de:</u> <ul style="list-style-type: none"> • <u>deux membres au sein du Haut Conseil pour la Défense de la Démocratie et de l'Etat de Droit,</u> - <u>un membre du Conseil National de la Justice.</u> 	<p>- abrogé -</p>
<p>Article 17 - <u>En outre, il jouit des avantages matériels et protocolaires se rapportant à sa fonction, tels que :</u></p> <ul style="list-style-type: none"> - <u>une sécurité rapprochée ;</u> - <u>un véhicule de service ;</u> - <u>un passeport diplomatique.</u> 	<p>Article 17 (nouveau)</p> <p style="text-align: center;">- supprimé -</p>
<p>Article 20 - <u>Le Chef de l'opposition officiel est tenu de :</u></p> <ul style="list-style-type: none"> - <u>représenter effectivement l'opposition ainsi que ses convictions dans toutes les instances publiques ;</u> - <u>rendre compte de ses activités auprès des groupes parlementaires et des députés de l'opposition, des partis politiques de l'opposition et auprès des citoyens.</u> 	<p>Article 20 (nouveau) - <u>Le Chef de l'opposition est tenu de :</u></p> <ul style="list-style-type: none"> - représenter l'opposition dans les instances publiques; <p style="text-align: center;">- supprimé -</p>
<p>Article 23 - Il est institué un débat démocratique entre le Chef de l'opposition officiel et <u>le Premier ministre</u> tous les troisièmes vendredis du mois de janvier et le premier vendredi du mois de juillet.</p> <p><u>En outre, un débat périodique est organisé entre le Chef de l'opposition officiel et les membres du Gouvernement et qui sera transmis sur les Chaînes de média publiques.</u></p>	<p>Article 23 (nouveau)- Il est institué un débat démocratique entre le Chef de l'opposition officiel et le Gouvernement tous les troisièmes vendredis du mois de janvier et le premier vendredi du mois de juillet.</p> <p style="text-align: center;">- supprimé -</p>
<p style="text-align: center;">LE RESTE SANS CHANGEMENT</p> <p>Article 2- Des textes réglementaires fixeront, en tant que de besoin, les modalités d'application de la présente loi. Ces textes doivent être publiés dans les <u>trente jours</u> qui suivent la promulgation de la présente loi</p>	<p style="text-align: center;">LE RESTE SANS CHANGEMENT</p> <p>Article 2- Des textes réglementaires fixeront, en tant que de besoin, les modalités d'application de la présente loi. Ces textes doivent être publiés dans les trois (03) mois qui suivent la promulgation de la présente loi.</p>

12
TOVANA III
ERRATA

Taorian'izay, niroso tamin'ny fanitsiana sy fanamarihana ny tatitra ny mpivory, ka ny

AU LIEU DE	LIRE
Art. 19 - L'opposition : - a droit à un poste de Vice-président au sein de l'Assemblée Nationale qui est occupé par le Chef de l'opposition officiel.	Art. 19 - L'opposition a droit à un poste de Vice-président au sein de l'Assemblée Nationale lequel est occupé par le Chef de l'opposition officiel.

Solombavambahoaka no nomena fitenenana voalohany.

Nanamarika Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, fa misy latsaka ny andalana faharoa ao amin'ny tovana II, "Titre II, article 5 (nouveau)", ao amin'ny pejy faha-11:

"Article 5 (nouveau) alinéa 2: "L'opposition extra-parlementaire bénéficie de garantie constitutionnelle notamment en matière de liberté fondamentale dans le respect de la législation en vigueur."

Toy izany koa, ao amin'ny andininy faha-6 vaovao, ny andalana voahohany izay nisy fanovàna natao tamin'ny lalàna tamin'ny taona 2011.

"Article 6 (nouveau) alinéa 1: En application des dispositions de l'article 14 alinéa 6 de la Constitution, après chaque élection législative, les députés membres de l'opposition parlementaire désignent parmi eux par voie consensuelle le chef de l'opposition officiel".

Nitondra fanitsiana kosa Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol, tao amin'ny pejy faha-7, andininy faha-19 vaovao.

Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna; esorina ny "tsy" eo alohan'ny nasiam-panovàna.

Toy izany koa ny andininy faha-24 (vaovao); esorina ny "tsy" eo alohan'ny nasiam-panovàna.

Andriamatoa IDEALSON kosa nitondra fanitsiana tao amin'ny tovana faharoa, ao amin'ny "exposé des motifs, version amendée".

"Le droit à l'opposition est reconnu par la Constitution en son article 14 alinéa 5 qui dispose que "la Constitution dispose d'un garantit le droit d'opposition démocratique"; izay nahitsy ho toy izao: "Le droit à l'opposition est reconnu par la Constitution en son article 14 alinéa 5 qui dispose que "la Constitution garantit le droit d'opposition démocratique".

Ramatoa Filoha indray, nanitsy tao amin'ny pejy faha-10 hoe: tokony mbola hisy "recevable" aorian'ny teny "d'opposition".

Taorian'izany, nomena ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana raha misy tiany hambara.

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana kosa nitondra fanitsiana tao amin'ny pejy faha-12, andininy faha-2: "A défaut d'accord, le Chef de l'opposition parlementaire.... est considéré comme Chef de l'opposition officiel."

Ovaina hoe:"Le Chef de l'oppositon parlementaire....est considéré comme Chef de l'opposition officiel." Foanana ny teny aoriana rehetra.

Pejy faha-13, andininy faha-17 teo aloha, esorina na "abrogé".

Pejy faha-14, andininy faha-19, ampiana hoe: vaovao.

Andininy faha-19 vaovao: “L’opposition a droit à un poste de Vice-Président au sein de l’Assemblée Nationale lequel est occupé par le Chef de l’opposition officiel”.

Raha nandray fitenenana Ramatoa RAKOTONDRAJERY R. Salohy, DGAJER/ Minisiteran’ny Fitsarana dia nitondra fanitsiana toa amin’ny pejy faha-11, andininy faha-2 vaovao. Izay nahitsy ho toy izao:
« Article 2 nouveau: Est considéré comme parti d’opposition,... tout parti politique légalement constitué...; ayant fait une déclaration... au Ministère chargé de l’intérieur.

Est considéré comme opposition extraparlamentaire, tout parti politique légalement constitué qui développe de positions...mais n’ayant pas de représentant au sein du Parlement».

Eo amin’ny « article 5 », latsaka ny « alinéa 3: La désignation du Chef de l’opposition officiel est effectuée sur convocation du Président de l’Assemblée Nationale au plus tard 60 jours..... ».

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, indray nanamarika fa latsaka ny andininy faha-8 vaovao, izay mivaky toy izao: « article 8 (nouveau): Le fonctionnement d’opposition parlementaire suit les règles relatives à l’Assemblée Nationale fixées par la Constitution, les lois et le Règlement Intérieur de la dite Assemblée ».

Taorian’izay, nomena fitenenana ny Solombavambahoaka RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, hamelabelatra amin’ny ankapobeny ny tolo-dalàna narosony.

Nomarihany fa ny fitondrana ankehitriny dia efa nitondra nandritra ny fotoanan’ny tetezamita ary nahatsapa ny mahazava-dehibe ny fisian’ny mpanohitra eto amin’ny firenena. Tao anatin’ny tetezamita no nametrahana ny lalàna mifehy ny antoko politika sy ny mpanohitra saingy niandrasana ny Solombavambahoaka voafidy ara-dalàna ny fampiharana azy.

Tamin’ny fitondrana teo aloha, nisy ny fanehoan-kevitra navoakan’ny « Haute Cour Constitutionnelle » na ny « avis n°04-HCC/AV du 17 Septembre 2014 » izay milaza fa ny fanoherana voalazan’ny andininy faha-14 ao amin’ny Lalàmpanorenana dia mikasika manokana ny fanoherana parlemantera.

Taty aoriana kely, nisy indray ny fangataham-panazavana nataon’ny VPMM mikasika ny voalazan’ny andininy faha-14 ao amin’ny Lalàmpanorenana. Mbola nanamafy ny heviny teo aloha ny « Haute Cour Constitutionnelle » tamin’izany, tamin’ny alalan’ny « avis n°01-HCC/AV du 12 Janvier 2017 », izay nilaza fa niainga avy teto anivon’ny Antenimierampirenena ny fanoherana rehetra.

Manaja lalàna izahay ary izay no antony nahatonga anay namolavola ity tolo-dalàna ity, hoy izy, mba hamenoana ny banga ka ahafahana mametraka ny Filohan’ny Mpanohitra.

Isaorana izay rehetra nandray anjara tamin’ny fanatsarana ny tolo-dalàna ary ankehitriny, heverina fa feno ny fepetra mahatolo-dalàna azy ka izao entina eto antrehan’ny besinimaro izao.

Teo ampamaranana ny teniny, nitaona sy nanentana ny Solombavambahoaka rehetra izy mba handany ny tolo-dalàna narosony.

Rehefa izany, niroso tamin’ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka ireto avy ireo Solombavambahoaka nifandimby nandray fitenenana:

Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert

Nisaotra ny Solombavambahoaka RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle tamin'ny finiavana nananany namolavola ity tolo-dalàna ity.

Efa vonona hiady hevitra tamin'ity tolo-dalàna ity ny Solombavambahoaka maro saingy tsy tonga ny andaniny izay milaza ho mpanohitra. Noho izany, afaka adidy isika.

Nanontany an'Andriamatoa Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana izy momba ny isan'ny antoko politika misy eto Madagasikara. Raha ny fahafantarana azy, hoy izy, 400 eo ho eo izany kanefa manodidina ny 10 ihany no tonga nifidy izay ho Filohan'ny mpanohitra.

Nangatahany koa ny hanafoanana ny antoko politika izay tsy mahafeno fepetra.

Nanentana ny Solombavambahoaka handany ny tolo-dalàna izy satria tsy tonga ny andaniny na ny mpanohitra.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas

Tsy tokony hisy adihevitra intsony satria lôjika ny zavatra atao amin'izao fotoana izao; aleo hiroso avy hatrany amin'ny tsangan-tànana handaniana ny tolo-dalàna.

Ramatoa JOHASY Raharisoa Eléonore

Zava-dehibe ny fisian'ny adihevitra malalaka ao anatin'ny demokrasia. Tokony tsy hadinoina anefa fa amin'izany demokrasia izany, ny maro an'isa no manapaka saingy afaka miteny sy maneho ny heviny koa ny vitsy an'isa.

Andriamatoa RAKOTONDRAOFA Fetra

Raha ny tokony ho izy, iny hetsika notarihin'ny Solombavambahoaka miisa 75 iny no fihetseham-bahoaka farany teny an-dalambe ary eto anivon'ny Antenimierampirenena amin'izay no hiainga ny fanovàna misy eto amin'ny firenena. Noho izany, aoka mba tsy ho any amin'ny "face book" intsony no haneho hevitra fa ato no sehatra anaovana izany.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa

Misaotra ny fitondram-panjakana amin'ny fahasahiana sy fahavononana hametraka ny demokrasia eto amintsika satria efa hatramin'ny taona 2014 no tokony nampiharina ny lalàna mifehy an'izany mpanohitra izany.

Ny zavatra tsapa, lasa fitadiavan-tseza sy tombotsoa ny fanoherana eto amintsika; tokony hovaina izany, fa ny fiainan'ny vahoaka no hotsinjavina amin'izany fanoherana izany.

Hita ihany koa fa nizara roa ny mpanohitra rehefa tsapany fa hiainga ato amin'ny Antenimierampirenena ny Filohan'ny fanoherana.

Teo ampamaranana ny teniny, niangavy ny rehetra mba handany ny tolo-dalàna izy.

Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan

Mangataka ny hirosoana avy hatrany amin'ny tsangan-tànana fa tsy tokony hisy adihevitra intsony.

Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré

Marina ny tenin'ny namana teo, manaiky matoa tsy miteny, koa aleo hiroso amin'ny tsangan-tànana amin'izay.

Namaly ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka RAHASIMANANA Paul Bert, Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana raha nomena fitenenana; nambarany fa miisa 212 ny antoko politika misy eto amin'ny tany sy ny firenena saingy telo amin'ireo no mpanohitra dia ny antoko TIM, ny TAMAMI ary ny MFP (Manda ho an'ny Firaisam-pirenena). Nitohy ny fandraisam-pitenenana taorian'izay.

Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène

Malalaka amin'ny safidy raisiny ny tsirairay koa tsy maninona na hiady hevitra izy na tsia.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, solotenan'ny GPIRD

Mipetraka ho olan'ity firenena ity hatramin'izay ny "statut de l'opposition" satria efa ho 8 taona izao no nisiany kanefa tsy hita ny fomba hampiharana azy. Isaorana ny rehetra izay nandray anjara tamin'ny fanatsarana ny tolo-dalàna; isaorana koa ny Governemanta nampiditra azy ho anisan'ny lahadinika mandritra ity fivoriana tsy ara-potoana ity.

Mahatsapa izahay fa voahaja koa ny andininy izay nofakafakain'ny "Haute Cour Constitutionnelle" indroa miantoana tamin'ny alalan'ny "avis" navoakany ho fantatry ny besinimaro.

Mazava eo imason'izao tontolo izao ny firosoan'i Madagasikara amin'ny demokrasia ary porofon'izany ny zava-misy nandritra ny famindram-pahefana sy tamin'ny fianianana nataon'ny Filohampirenena tamin'ny fandraisany ny asany.

Ankehitriny, efa eto am-pelan-tànantsika ny tolo-dalàna, koa ny GPIRD dia manentana ny rehetra mba handany izany ho tombotsoa ambonin'ny firenena satria handamina ny fomba fanoherana sy ny fanaovana politika eto Madagasikara ny fahalanian'ny tolo-dalàna.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, solotenan'ny GPUR

Vonona amin'ny fampandrosoana ny firenena izahay; noho izany, handany ny tolo-dalàna natolotry ny namana Solombavambahoaka RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandaniana isan'andininy ny mpivory:

FAMELABELARANA ANKAPOBENY

"Paragraphe 1".

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 84 no nandany; tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka 1 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny "paragraphe 1" izay nasiana fanovàna.

Andininy faha-2 vaovao

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 84 no nandany; tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faharoa vaovao izay nasiana fanitsiana.

LOHATENY FAHAROA: "DE L'ORGANISATION ET DU FONCTIONNEMENT DE L'OPPOSITION"

Andininy faha-5 vaovao

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 85 no nandany; tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-5 vaovao, nasiana fanovàna.

Andininy faha-6 vaovao

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 85 no nandany; tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-6 vaovao, nasiana fanovàna.

Andininy faha-7, noesorina

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 85 no nandany; tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 3 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera.

Andininy faha-8 vaovao

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 87 no nandany; tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 3 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-8 vaovao.

Andininy faha-9 vaovao

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 88 no nandany; tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 3 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-9 vaovao.

Andininy faha-14

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 88 no nandany; tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 3 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-14.

Andininy faha-15 vaovao

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 88 no nandany; tsy nisy ny nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-15 vaovao.

Andininy faha-16 vaovao

Rehefa natao ny tsanga-tànana, Solombavambahoaka miisa 89 no nandany; tsy nisy ny nitsipaka; Solombavambahoaka 1 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-16 vaovao.

Andininy faha-17, nesorina

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 88 no nandany; tsy nisy ny nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera.

Andininy faha-18 vaovao

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 87 no nandany; tsy nisy ny nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-18 vaovao.

Andininy faha-19 vaovao

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 88 no nandany; tsy nisy ny nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-19 vaovao.

Andininy faha-20 vaovao

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 88 no nandany; tsy nisy ny nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-20 vaovao.

Andininy faha-21 sy faha-22

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 88 no nandany; tsy nisy ny nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-21 sy faha-22.

Andininy faha-23 vaovao

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 88 no nandany; tsy nisy ny nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 3 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-23 vaovao.

Andininy faha-24 vaovao

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 88 no nandany; tsy nisy ny nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-24 vaovao.

Andininy faha-25 sy faha-26

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 88 no nandany; tsy nisy ny nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-25 sy faha-26.

“LE RESTE SANS CHANGEMENT”

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 88 no nandany; tsy nisy ny nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ireo tsy nasiana fanovàna.

Andininy faharoa

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 88 no nandany; tsy nisy ny nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faharoa.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaniana ankapobeny mikasika ny tolo-dalàna ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 88 no nandany; tsy nisy ny nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny tolo-dalàna laharana faha-01-2019/PL manova sy mameno ny fepetra sasantsasan'ny lalàna laharana faha-2011-013 tamin'ny 9 Septambra 2011 mikasika ny Satan'ny Mpanohitra sy ny antoko mpanohitra.

Talohan'ny niatoan'ny fivoriana, nampahafantatra ny Solombavambahoaka, Ramatoa Filoha, fa mbola halefa hodinihana any amin'ny Antenimierandoholona ity tolo-dalàna lany teto ity ary miandry ny fiverenany avy any ny Antenimierampirena.

Raha misy tsy fitovian-kevitra eo amin'ny Antenimiera roa tonta, miverina eto indray ny Solombavambahoaka mandinika ny tolo-dalàna ny Alakamisy 22 Aogositra 2019 na ny Zoma 23 Aogositra 2019 ho avy izao.

Nanentana ny Solombavambahoaka mba hijery ny petadrindrina, Ramatoa Filoha, taorian'izay.

Niato tamin'ny 6 ora sy 10 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona